


DEREK PRINCE MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Ny Tanjontsika Ara-panahy

Andeha isika handroso ho amin’ny fahamatorana



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Derek Prince

> “Koa aoka hilaozantsika ny abidim-pianarana ny amin’i Kristy, fa aoka handroso ho amin’ny tanteraka isika ka tsy hanao fanorenana indray, dia fibebahana hahafahana amin’ny asa maty sy finoana an’Andriamanitra, ary fampianarana ny amin’ny fisasana maro sy ny fametrahan-tànana, ary ny fitsanganan’ny maty sy ny fitsarana mandrakizay.” (Hebreo 6:1–2)

Miezaka ny ho tonga lafatra isika. Indrisy anefa, araka ny nomarihiko teo aloha, ny teny hoe fahalavorariana dia manana feo tsy manintona ho an'ny ankamaroan'ny Kristiana noho ny foto-pampianarana sasany momba ny fahalavorariana tsy misy ota izay efa naseho azy ireo. Amin’ny ankabeazan’ny toe-javatra, ireo izay mihambo ho tonga lafatra dia mampiseho ny mifanohitra amin’izany amin’ny teniny, ny fitondran-tenany, ary ny fomba fiainan’izy ireo. Io toe-tsaina mihatsaravelatsihy io no nampiala ny olona tamin’ny fikatsahana ny fahatanterahana.

Tiako ny mampahatsiahy anao ny dikan-teny telo hafa amin'ny teny hoe tonga lafatra izay misy dikany kokoa: "fahamatorana", "fahatanterahana", ary "fahafenoana." Avy amin’ny anarana izay midika hoe “farany” ny teny Grika nadika hoe “fahalavorariana”. Noho izany, dia manolotra tanjona na fikasana hirosoantsika izy io. Heveriko fa hanaiky isika rehetra fa tena ilaina ny manana tanjona ara-panahy. Rehefa niditra tamin’ny làlan’ny fahamarinana tamin’ny finoana isika, dia afaka manohy isika, na afaka miverina isika. Tsy hankasitrahan’Andriamanitra izay mihemotra na iza na iza, ka anisan’ireo mandroso ho amin’ny famonjena feno ny fanahiny isika (jereo ny Hebreo 10:38–39).

Misy zavatra roa: ny tena izy sy ny idealy. Ny hoe matotra dia ny mahita ny idealy sy miaina amin'ny tena izy. Ny tsy fahombiazana dia ny fanekena ny tena izy ary ny fandavana ny idealy; ary ny manaiky afa-tsy izay idealy sy mandà ny tena izy dia tsy matotra. Aza manakiana ny tena izy satria

© 2008 - Dries Du Plessis

hitanao ny idealy; Aza lavina ny idealy satria hitanao ny tena izy. Ny fahamatorana dia ny miaina miaraka amin'ny tena izy fa mitàna ny idealy.

Misaotra Anao, Tompo ô, fa lanao no mitarika ahy handroso. Manambara aho fa anisan’ireo izay mandroso mankany amin’ny famonjena feno ny fanahiko — ny tanjon’ny fahamatorana, ny fahatanterahana, ny fahafenoana. Hiroso amin'ny fahamatorana aho, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-315-MLG

Nohavaozina farany: 16 Nov 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

